COMPETENCE: Mahay miarahaba olo arakaraka fety mpiofaña.

==========================================================

## I. MOTIVATION

### Matériels didactiques/Warm up

1.Sary ahitaña fety sambihafa karaha aniversera, bonne année, noely, paky, 26 (26 Juin fetin'ny fahaliovanteña).
Apitaha amy flip alohan'ny anao mampiantra.




LFS 16/1

### Contact

2. Ataova karaha isan'andra contact. Ampikoraña mikasiky lesona taloha mpiofaña.

### Warm up

3. Anontania irô:

   -Ino aby fety amerike?
   -Ombiaña misy fety aby io?
   -Mihinaña ino olo ikoa fety?

4. Ampivolaña manodidiñy sary aby amy tabilô mpiofaña. Volaña añaraña fety aby io baka iô aseva ampodindrô.

   bônane
   noely
   paky
   26
   aniversera
   fety

## II. EXPLOITATION

Vocabulaire: Expressions de salutations selon les fêtes annuelles

5. Ampiasa sarin'ny bônane añabo io ivolañana volaña fiarahabaña aby ty:

   A. Arabaiñy tatran'ny taoño!
   B. Samy tatran'ny ho avy atsika jiaby!

6. Ampipodiana mpiofaña volaña fiarahabaña olo amy banane io. Aseva mivolaña io mpiofaña areky baka iô, valia:

   Samby tatran'ny ho avy atsika jiaby!

   Ampipodiana irô tsihelihely izy io ikoa manahiraña irô.

7. Arahaba mpiofaña areky baka iô amporisiha irô samby irô, koa hañano karaha io.

## Note culturelle

8. Horôfa in-droe mpianatra areky ampitahanao amindrô fa mifañôroko indroe olo mifankahay izikoa fa bonane. Baka iô mifampiarahaba "tratran'ny taoño" fo olo na efa vita fety ke mbala tsy fankahita.

9. Ampia volaña sasany aby reto expression añabo:

   -Arabaiñy tatran'ny paky!
   -Arabaiñy tatran'ny noely!
   -Banarezane (Bonne et heureuse année)!
   -Samy tatran'ny ho avy e!

10. **Drill chaine**

    Sorata amy taratasy añaraña fety aby añabo io, baka iô, aseva mifampiarahaba araka fety azondrô mpiofaña. Mañanaova ôhatra anao izahandrô:

    F: Arabaiñy tatran'ny paky!
    S1: Samy tatran'ny ho avy e!
    S1: Arahabaiñy tatran'ny noely!
    S2: samy tatran'ny ho avy e!

## Grammaire: Place de la particule "SAMBY"

11. Ampiasa fehezanteny hoe:

    Samby tatran'ny ho avy atsika jiaby!

12. Tsipiha samby.

13. Mañameza ôhatra maromaro:

    - Samby mpiofaña anarô.
    - Samby mpampiofaña volaña Sakalava i Etienne ndreky i Lea.
    - Samby mihina amy refectoire atsika jiaby.
    - Samby Amerike anarô jiaby.
    - Samby mianatra volaña Antanôsy i Karen ndreky i Michelle.

14. Amia mpiofaña expressions miaraka amy samby reto:

-Sambirano (Ambanja)
-Samby mandeha, samby mitady

15. Añontaniampiofaña:

-Aia misy "samby" añaty fehezan-teny? (Alohan'ny fehezan-teny )

-Ino aby teny mañaraka "samby"? (verbe, adjectifs, noms.....)

Miaraka amin'ny mpiofaña aboaha règle ty:

| Samby + predicat |
|---|

16. **Phraséologie**

Mañameza ôhatra misy samby anao baka kiô asaiva mañamia koa mpiofaña:

-Zaho ndreky Marta samby mpampianatra.
-Samby mipetraka eto atsika jiaby.

Vocabulaire: Evènements heureux

17. Hazava miaraka sary voambolaña aby ty baka iô ampipodianampiofaña.

miteraka
mamositry/manapaka tsaiky
mañainga mañangy/mañano mariazy
nafaka examen

Note culturelle

18. Ambarà mpiofaña fa:
Fataon'olo mandeha mamangy ikoa fa misy raha maharavoravo (fitirahana, famosirana tsaiky, sns.....) avy amin'olo fankarikitry an-tena.

19. Mety mitôndra raha hely karaha:

rôm-patsa amin'olo niteraka,
sôma na vôla hely amy tsaiky nivosiraña,

20. Questions binaires

Ampizaha mpiofaña sary areky baka iô añontania mpianatra areky baka iô asaiva mifañadiñy karaha io koa irô samby irô:

Miteraka sa mamositry tsaiky?
Manambady sa afaka examen?
Mamositry tsaiky sa mariazy?

Expressions pour féliciter une personne

21. Ampiasa sary misy olo mañano mariazy ivolañana dialogue ty:

Amy: Reñiko anao nañano mariazy .Maharavoravo nahazo vadiaña e! Hitera-dahy, hitera-bavy!
Feno: Ia, drako ô! Merisy aminao.

22. Hamariña fazahoaña izy baka kiô hazava malakilaky zay raha tsy azon'ny mpianatra.

23. Ampia irô volaña fiarahabaña sasany aby reto lay añaty dialogue:

LFS 5/8

- Maharavoravo terabao soamantsara!
- Maharavoravo nafaka examen!
- Maharavoravo nahefa famosiraña/fanapahaña tsaiky!

24. Dictée

Ampanorata mpiofaña arekiareky amy tabilô ary expressions aby irô. Tsarà izikoa misy diso baka kiô vakia sady ampamakia irô.

## III. PRATIQUE

Combinaison de phrases

25. Asaiva mangala bokindrô mpiofaña mañano fampiasaña.

26. Asaiva atambatran'ny mpianatra añaty fehezan-teny areky miaraka amy SAMBY irô fehezan-teny aroearoe diany reto.

LFS 16/5

1. Niteraka tsaiky mañangy i Nosy.
   Niteraka tsaiky mañangy i Vola.

2. Nañano mariazy i Alima.
   Nañano mariazy i Mary.

3. Nafaka examen zaho.
   Nafaka examen izy.

4. Tiako fetin'ny banane.
   Tian'i Hunter fetin'ny banane.

5. Nigiaka toaka zaho tamy Noely.
   Nigiaka toaka anao tamy Noely.

6. Mahay misaoma gitara i Dave.
   Mahay misaoma gitara i Jôro.

7. Nitsangatsangana anarô tamy paky.
   Nitsangatsangana zahay tamy paky.

8. Amiaña vola mpiofaña santé.
   Amiaña vola mpiofaña education.
   Amiaña vola mpiofaña environnement.

9. Mivavaka zaho isaka fetin'ny Noely.
   Mivavaka i Mel isaka fetin'ny Noely.

10. 26 Juin aniverseran'i Viviane.
    26 Juin aniverseran'i Madagasikara.

**27.** Amia 10mn añanaovaña izy baka iô ampamakia irô izikoa nefa. Tsarà izikoa misy diso.

**Bijection**

**28.** Asaiva ampifandraisin'ny mpiofaña fety ndreky expressions mifañaraka:

| | |
|---|---|
| bônane | Maharavoravo nafaka! |
| miteraka | Maharavoravo nahazo vadiaña! |
| noely | Arabaiñy tatran'ny taoño! |
| mañaingy mañangy | Maharavoravo terabao soamantsara! |
| paky | Arabaiñy tatran'ny noely! |
| nafaka examen | Samby tatran'ny ho avy! |
| mamositry tsaiky | Arabain'ny tatran'ny paky! |
| | Maharavoravo nahefa fanapahaña tsaiky! |

LFS 16/6

29. Amia 5mn añanaovaña izy baka iô ampamakia irô asandrô.

30. Asaiva ampiasaindrô amy namandrô expressions aby io.

<u>Rédaction</u>

31. Asaiva mañano tsiaroeroe mpiofaña mamôroño dialogue araka situation nazondrô.

32. Amia situation areky aby isaka goropy. Ampamakia goropy situation añaty boky.

    1. Bônane andra. Vo teraka koa vadin'ny namanao miasa ke anao nandeha namangy irô. Sorata raha aby nivolañinao tañy.

    2. Noely andra. Namangy namanao anao fôtony nivosiraña zanany. Sorata raha nivolañinao tao.

    3. Paky andra. Nikahin'ny namanao anao fôtony hañainga mañangy izy. Sorata raha jiaby nikorañinarô tañy.

33. Amia 10mn añanaovaña fampiasaña ary araha maso asandrô. Ampia irô izikoa misy diso baka kiô ampisomà irô izikoa vita.

## IV. APPLICATION

Añontania izikoa misy olo vo teraka na nafaka examen, sns..., añaty site ao alohan'ny mandeha mampianatra anao. Asaiva mandeha miarahaba olo aby io mpiofaña tsiaredreky .

LFS 17

DOMAINE: Fifandraisañaamin'olo

COMPETENCE: Mahay mamangy olo amin'ny fahavoazaña.

# I. MOTIVATION

## 1. Matériels didactiques

Sary ahitaña olo mitomañy apetaka amy tabilô alohan'nymanomboko.



## Contact

2. Arahaba ndreky ampikoraña mikasiky lesoño taloha mpiofaña tsiaredreky.

## Warm up

3. Izikoa fa vita contact, ampivolaña mañodidiñy sary ao mpiofaña. Apitraha fañontaniaña karaha reto:

   -Misy ino amy sary?
   -Firy mañangy? Firy lelahy?
   -Ravoravo irô?
   -Nañino irô malahelo?
   -Azôvy naty?

4. Ambara mpiofaña raha atao niany:

   mamangy olo amy fahavoazaña

# II. EXPLOITATION

## Vocabulaire: Mots ayant trait au deuil

5. Ampiasa sary io añazavaña reto volaña aby reto:

   mitomañy
   mahinakinaka/malahelo.
   mampahinakinaka/mampalahelo.
   faty
   fahavoazaña
   mandeviñy

6. Hamariña fazahoaña irô baka iô ampipodiana mpiofaña volaña aby io.

7. **Jeu: Storytelling**

   Mipitraha mañano boribory miaraka amy mpianatra anarô mitantara raha añaty sary añaty motivation.

   F: Misy mañangy ndreky lelahy mitomañy
   S1: Misy mangy ndreky lelahy mitomañy fôtony mahinakinaka irô.
   S2: Mahinakinaka irô fôtony misy fahavoazaña.

Note culturelle

8. Ambara mpiofaña fa:
Izikoa misy faty amy tanana areky, fômban'olo mañatoño ndreky mamangy olo nazon'ny fahavoazaña sady mañatitry vôla hely fañampiaña.

Grammaire: Causatif "-amp-" "maha"

9. Ampanorata mpiofaña amy tabilô lahatsoratra ty:

Naty zokin'i Vola. Sida nahafaty izy. Zeñy nampitomañy izy. Mampahinakinaka izy.

10. Tsarà izikoa misy raha diso baka iô hamariña fazahoaña izy.

11. Atokana volaña misy amp-, maha:

nampitomañy
mampahinakinaka
nahafaty

12. **Valeur de "amp" et "maha"**

Ampizaha mpiofaña miaraka ôhatra maromaro dikan'ny: -amp- , ndreky maha-

causatif

13. **Place des préfixes de causatif**

Hazava amy mpiofaña fa mira fo dikan'irô raha aroe io fa:

mitsofoko mañaraka m- amy verbe ndreky adjectif manomboko amy m- i amp.

apetraka alohan'ny adjectifs na añaraña tsy manomboko amy m- i maha.

14. Aseva avadiky ho causatif teny aby ty.

oh:

| | | |
|---|---|---|
| madio | > | mampadio savoño |
| voky | > | mahavoky vary |
| mandry | > | mampandry aody |
| mahia | > | mampahia marary |
| marary | > | mamparary migiaka toaka |
| faty | > | mahafady sida |

15. **Exercice: You and me**

Ampañanaova fampiasaña mampiasa volaña misy <u>amp</u> na <u>maha</u> mpiofaña. Ampizaha irô modely ty.

F: Mampahinakinaka zaho i Bill.
S1: Mampahinakinaka anao i Bill?
S1: Tsy mahavoky zaho vary.
S2: Tsy mahavoky anao vary?
S2: Mampifôha zaho kafe.
S3: Mampifôha anao kafe?

## <u>Formules pour consoler quelqu'un</u>

16. Volañà karaha amy fivolanaña tsotra lahatsoratra ty:

(<u>Scenario</u>: Naty baban'i Kalo mpampianatran'i Ally. Nanôratra taminazy i Ally namangy.)

> A Kalo,
>
> Reñiko fa naty babanao. Mampahinakinaka zeñy. Mangataka amy Zañahary: tsisy eky ny ratsy .Kaza malahelo.
>
> Kaza mitomañy eky.
>
> Viloma, ho i Ally namanao.

17. Hamariña fazahoaña lahatsoratra baka kiô hazava malakilaky raha tsy mazava.

18. Aboaha mpiofaña volaña andesiñy mankahery namaña azon-draha añaty lahatsoratra ao:

Mangataka amy Zañahary:tsisy eky ny ratsy.
Kazamalahelo.
Kaza misy eky my ratsy!

19. Ampia volaña manambitamby olo mitomañy:

-Kaza mitomañy heky
-Basy eky.
-Mangina eky.

20. Amia koa volaña aby reto fankahirezana olo marary ndreky kivy amy raha atao:

-Hano mahivaña!
-Hano tsaratsara!
-Kaza kivy zalahy/drako!
-Hano janga tsarabe!

21. Lecture expressive

Vakia fehezan-teny tsiarekiareky baka kiô ampamakia mañaraka lantom-piônao mpiofaña tsiarekiareky.

III. Pratique

Choix multiple

22. Asaiva mangala boky mpiofaña mañano fampiasaña ty.

23. Asaiva mifidy raha tôkony volañiny amindrô situations aby reto ny mpiofaña.

a. Marary kibo zaho.
1. Kaza kivy!
2. Hano tsaratsara e!
3. Merisy e!

b. Maty zandriko.
1. Hano janga tsarabe!
2. Mangataka amy Zañahary, tsisy eky ny ratsy!
3. Kaza kivy!

c. Tsy nafaka examen zaho.
1. Kaza kivy!
2. Hano mahivaña!
3. Aza misy eky ny ratsy!

d. Accidenté babako.
   1. Hano tsaratsara!
   2. Aza kivy!
   3. Merisy e!

e. Mitomañy zaho.
   1. Aza misy eky ny ratsy!
   2. Basy eky!
   3. Viloma!

f. Marary lohako.
   1. Hano mahivaña!
   2. Aza misy eky ny ratsy!
   3. Merisy e!

g. Malahelo zaho. Naty dadilahiko.
   1. Mangataka amy Zañahary, tsisy eky ny ratsy.
   2. Viloma!
   3. Basy eky!

**24.** Amia 8mn añanaovaña fampiasaña ary ampamakia irô asandrô izikoa nefa ary tsarà izikoa misy diso.

<u>Compléter avec imagination</u>

**25.** Asaiva mameno fehezan-teny aby reto mpiofaña:

1. Mampahinakinaka_______________.
2. Mahavoky_______________.
3. Mampararyloha_______________.
5. Mahafaty_______________.
6. Mampihina_______________.
7. Mampifôha_______________.
8. Mampandry_______________.
9. Maharavoravo_______________.
10. Mampitomañy_______________.

**26.** Amia 10mn mpiofaña añanaovaña izy. Areha-maso asandrô ary ampamakia irô izikoa nefa. Tsarà izikoa misy diso.

Correction des fautes

27. Asaiva tsarain'ny mpiofaña volaña diso añaty lahatsoratra ty:

> Maty babanao. Maharavoravo zeñy. Miaraka ravoravo aminao zaho. Mangataka amin-dRañahary, misia ny ratsy. Mitomañia! Kaza mangiñy.

28. Amia 5mn añanaovaña fampiasaña ary ampamakia irô izikoa nefa. Tsarà izikoa misy raha tsy mety.

## IV. APPLICATION

Hañontania olo mañodidiñy site na mpampiofaña miaraka aminao tsao fo misy manahiraña (fahavoazaña, aretiñy, tsy afaka fañadiñana, accident).
Alifasa mamangy ndreky mañamia fankaherezaña olo aby io mpiofañanao.

LFS 18

DOMAINE: Asa fatao andavanandra

COMPETENCE: Mahay mañontany asa fataon'olo ampihanaka Sakalava andavanandra mpiofaña.

===========================================================================

## Matériels didactiques

1. Sary misy olo traño areky mañano asa samihafa.



LFS 18/1

### Contact

2. Izikoa baka mañano mbala tsara mpiofaña anao, añontania irô raha ataon'ny havandrô a Etazonia .

    -Ino asan'ny babanao?
    -Miasa nindrinao?
    -Ino asanany?

## I. EXERCICES (PRATIQUE)

### Strip Story

3. Asaiva mangala boky mpiofaña tsiaredreky mañano fampiasaña ty.

4. Asaiva alamiñy sary aby reto baka iô asaiva mamôroño lahatsoratra irô mitantara raha hita ao.




LFS 18/2

5. Amia 10mn añanaovaña izy ary araha maso asandrô. Ampia irô izikoa mila fañampiaña.

6. Asaiva mamaky asandrô mpiofanã tsiarekiareky.

## II. EXPLOITATION

**Vocabulaire: Activités quotidiennes d'une famille sakalava**

7. Volañà ndreky hazava miaraka sary voambolaña aby ty:

   mantsaka rano
   mikapa
   mamaky hazomaty (alamaiky)
   mañamboatra traño
   mandisa
   mamafa traño (lakoro)
   mitsôngo (kafe, vary, kakao)
   mañary ahitry

8. Hamariña fazahoaña irô baka kiô ampipodiana mpiofaña tsiaredreky.

9. **Jeu: Ho i Jao**

   Ambarà mpiofaña:

   Hañano saoma "Ho i Jao" atsika ary reto aby volañà añanaovaña saoma io:

   Ho i Jao:

   - Manasà lamba!
   - Mamakia alamaiky!
   - Mantsakà rano!
   - Mikapà!
   - Mandisà!
   - Mamafà!
   - Mañaria ahitry!
   - Mañamboarà traño!

   baka kiô asaiva mitariky saoma mpiofaña hafa.

## 10. Catégorisation

Asaiva ataon'ny mpiofaña añaty tsanganaña mifañaraka irô asa añabo aby :

| Asan'ny lelahy | Asan'ny mañangy |
|---|---|
| | |

## Note culturelle

11. Ampiasa fampiasaña catégorisation io añambaraña amy mpiofaña fa:

    amin'ny Sakalava, samby misy asanazy aby na lelahy na mañangy na tsaiky ambanivolo añy.

    asan'ny mañangy: mandoky, mantsaka
    asan'ny tsaiky: manasa kapila, mamafa,mangala alamaiky
    asan'ny lelahy: mamaky alamaiky, mañamboatra traño

## Grammaire: Structure de la phrase à la voix relative

12. Ampanorata mpiofaña amy tabilô fehezan-teny aby ty:

    Amy loharano antsakan'i Vola.
    Sio hely antsakany rano.

13. Ampiasà sary aloha ary añazavaña izy baka kiô hamariña fazahoaña izy.

14. Ambara mpianatra karaha akory atao mañamboatra phrase relative.

    Amy loharano antsakan 'i Vola.
    toeraña verb suj

    Siô hely antsakany rano.
    raha fampiasaiñy verb suj obj

| (toeraña/raha fiasaña) + (V + S) + O |
|---|

## 15. Valeur de la voix relative.

Ambara mpiofaña fa structure relative ampiasaiñy izikoa mivolaña mikasiky:

-an-tany añanaovaña asa areky
-raha fampiasaiñy añanaovaña asa areky

## 16 Forme du verbe relatif

Ampizaha mpiofaña karaha akory mañamboatra verbe relatif:

antsaka(ña) <-- }
amakia(ña) <-- } ko, nao, ny, narô, nay, tsika, ndrô
ikapa(ña) <-- }
amafa(ña) <-- }

- adoso m amy verbe actif, baka iô, asiaña aña amy farany.
- miala ña farany io ikoa misy sujet (ko, nao .........).

## Drill de conjugaison

17. Ampañanaova fampiasaña araka modely ty mpiofaña ary mampizaha modely anao:

| | | |
|---|---|---|
| | | amafaña trano famafa. |
| zaho | : | amafako trano famafa. |
| anao | : | amafanao trano famafa. |
| izy | : | amafany trano famafa . |
| zahay | : | amifanay trano famafa. |
| atsika | : | amafatsika trano famafa. |
| anarô | : | amafanarô trano famafa . |
| irô | : | amafandrô trano famafa . |

18. Reto aby matoanteny añanaovaña fampiasaña io:

antsakaña
andisaña
amafaña
añariaña
añamboaraña

Se renseigner sur les activités quotidiennes d'une famille Sakalava

24. Volaña dialogue ty:

Scenario: Ambanivolon'i Sambava añy iasan'i PCV Sally. Mañontany asa fataondry Maman'i Jao isan'andra izy.

S: Ino aby asa fataonao andavanandra Maman'i Jao?
M: Teña maro! Zaho mandoky, mantsaka rano, mitsabo vary, mandafo tsôha.
S: Aia an-tany antsakanarô rano?
M: Lavitry an-tany antsakanay rano.

25. Hamariña fazahoana izy.

26. Aboaha mpiofaña fañontaniaña asa fatao andavanandra:

- Ino aby asa fataonao andavanandra?
- Ino aby raha fataon'i __________?
- Ino aby raha ataon'i ____________ andavanandra?

27. **Lecture expressive**

Vakia miaraka lantom-piô mifañaraka dialogue io baka iô ampamakia tsiaroeroe koa mpiofaña. Amporisiha irô hamaky karaha nataonao.

Exercice: Continuer le dialogue

28. Asaiva mañano tsiaroeroe mpiofaña.

29. asaiva mangala bokindrô irô manohy dialogue añabo io amy famitrahaña fañontaniaña mikasiky:

- vadin'ny maman'i Jao
- zanakanazy lelahy
- zanakanazy mañangy

30. Amia 10mn añanaovandrô izy baka iô areha-maso asandrô.

31. Ampisomà irô dialogue izikoa nefa.

## III. DIALOGUE DE REFERENCE (MOTIVATION)

32. Asaiva ampitahain'ny mpiofaña amy araiky ty dialogue voafôrono.

S: Ino raha fataon'i Baban'i Jao?
M: Baban'i Jao, ndreky, mandeha añaty ala mitsabo, mitsôngo kakao, mandrohy bory.
S: Aia an-tany itsongoany kakao?
M: Antiñana añy an-tany itsongoany kakao?
S: Ino aby raha ataondry zanakanao?
M: Irô mañano asa madinidiniky hôtry manasa kapila, mamafa lakoro.

33. Hamariña fazahoaña dialogue baka iô hazava malakilaky:

mandrohy bory
hôtry

34. Role play

Vakia dialogue baka iô ampisoma mpiofaña tsiaroeroe izikoa ilaiñy zeñy.

## IV. APPLICATION

Ameza añaran'olo amy site ao mpiofaña añontaniandrô raha fataon'ny havandrô andavanandra.

LFS 19

DOMAINE: Fiainaña andavanandra

COMPETENCE: Mahay mañambara raha ilainy mpiofaña.

==========================================================

<u>Matériels didactiques</u>

1. Sary sambihafa ahitaña filaña efa hain'ny mpianatra karaha: mihina, migiaka, mandry, mangala kajo. Apitaha an-dakilasy ao io alohan'ny mampianatra.



Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara mpianatranao. Ampivolaña mañodidiny sary añabo io mpiofaña.

# I. EXPLOITATION

Vocabulaire: Mots ayant trait aux besoins essentiels de la personne



3. Volaña, baka iô hazava miaraka amy sary añabo io voambolaña aby reto:

   mosary
   sakara
   mahevoko
   manintsy
   maloto
   kajo
   mangery
   mamàny

4. Hamariña fazahoaña voambolaña aby io baka iô ampipodiañampiofaña.

TPR/Early production

5. Asaiva mampizaha sary mifañaraka amy raha volaninao mpiofaña:

   Ampizaha zahò "olo mangery"/"olo mosary".

   baka iô asaiva mifañadiñy irô samby irô.

Grammaire: Mot interrogatif "Nañino?"

6. Volaña fañontaniaña ty:

   Nañino anao?

7. Ambara mpiofaña:

   fañontaniaña

   baka iô ampipodiaña mpiofaña izy io.

8. Asaiva apetraka aminao izy io baka iô valia irô raha ambany ty sady mañanaova fihetsiky mifañaraka anao:

   -Zaho sakara.
   -Zaho mosary.
   -Zaho kajo.

## 9. Chain drill

Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña io baka iô asaiva mifañontany karaha io koa irô:

F: Nañino anao?
S1: Zaho mosary.
S1: Nañino anao?
S2: Zaho matôro.
S2: Nañino anao?
S3: Zaho sakara.

## Grammaire: Auxiliaires

10. Volaña ndreky hamariña fazahoaña fehezan-teny ty.

Ti-higiaka rano manintsy zaho fôtony sakara loatra.

11. Ampia auxiliaires sasany reto i ti-

mila
tôkotro (tôkony)
tsy maintsy

ke aboaha mpiofaña fampiasaña irô añaty fehezan-teny.

## 12. Place des auxiliaires

Miaraka amy fañampiañan'ny mpiofaña aboaha fitsipiky ty:

mipetraka alohan'ny matoanteny auxiliaires aby io:

ti- + verbes au futur

tôkony, tôkotro }
mila } + verbes
tsy maintsy }

Exercice: Take your pick

13. Sorata añaty taratasy madiniky volaña aby ty baka iô ataova añaty boaty:

    ti-
    tôkotro
    tôkony
    mila
    tsy maintsy

14. Ampifidiana taratasy areky ao mpiofaña ary mamôroño fehezan-teny miaraka volaña azony. Amia 1 points izikoa izy mahafôroño fehezan-teny misy dikany.

15. Mañanaova anao ampizahanao fañanaovaña izy.

Exprimer ses besoins essentiels

16. Ampiasà sary areky amindrô aloha ary ivolañana lahatsoratra ty.

    Mafana maty andra zeñy. Zaho, zeñy ,ti-hilomôno baka kiô ti-higiaka labiera manintsy.

17. Hamariña fazahoaña lahatsoratra.

18. Aboaha mpiofaña volaña andesiñy mivolaña raha tadiavin-teña karaha:

    Zaho, zeñy, { ti________.
                {mila_________.

Note culturelle

19. Ambara mpiofaña fa tsy fômban'olobe mivolaña:

    zaho ti-hangery
    fa:
    zaho ti-handeha kabone

20. Adaptation du texte

    Vakia lahatsoratra baka kiô ampamakia kony mpiofaña baka kiô asaiva hovoandrô araka tiandrô volaña añaty lahatsoratra ao.

## II. DIALOGUE RECAPITULATIF (MOTIVATION)

21. Sorata amy flipchart dialogue ty alohan'ny mampianatra.

22. Volaña dialogue ty:

Chuck: Nañino ma anao, Zama? Kajo?
Zama: Zaho zeny ti-hihina ndreky ti-higiaka fôtony zaho tsy nihina tamy marandreñy. Baka iô koa, ti-harary kibonaka.
Chuck: Tôkotro nandeha amy dokotera anao.
Zama: Mariñy zeñy.

23. Hamariña fazahoana dialogue.

24. Hazava fômba fivolañana izikoa manomboko marary:

ti-harary (leran'ny manomboko marary)

25. **Read and look up**

Vakia dialogue baka iô ampamakia mpianatra tsiaroeroe mamaky, mizaha tsy mizaha.

## III. PRATIQUE

### Matching

26. Asaiva mangala boky mpiofana mañano fampiasaña ty.

27. Asaiva atambatra añaty fehezan-teny dimy (05) volaña aby ty:

| | | | |
|---|---|---|---|
| manintsy<br>mahevoko<br>sakara<br>mafana<br>mosary<br>maloto<br>kajo<br>matôro | mila<br>ti-<br>tôkotro<br>tsy maintsy<br>tôkony | mihina<br>miseky<br>milomôño<br>migiaka<br>mandry<br>misikiñy | akôho<br>labiera<br>ronôno<br>kafe<br>dite<br>pullover<br>hamburger<br>vary |

28. Amia 8mn añanaovaña fampiasaña. Afaka mañampy volaña na mañôva raha ilaindrô mpiofaña .

LFS 19/6

29. Ampamakia irô asandrô izikoa nefa ary tsarà izikoa misy raha tsy mety.

Rédaction

30. Asaiva mañano tsiaroeroe mpiofaña mañano fampiasaña ty.

31. Amia areky amindrô situation reto goropy amoroñandrô dialogue.

a. Mikoraña amy direkteran'ny lekoly anao fa mila mampizaha fomba fialaña amy aretin-kibo ndreky bilariziozy amy mpianatra.

b. Mikoraña amy olobe an-tanana anao fa mila mampivory olo hikorañanao fômba fiarôvaña tontolo iañana , biby ndreky raha maniry.

c. Mikoraña amy mpampiofaña anao fa mila mianatra volaña Sakalava haliñy añy. Hazava aminazy fa tsy maintsy mañano pratique anao.

32. Amia 10mn añanaovandrô izy ary areha maso asandrô añatin'ny zeñy.

33. Ampisomà irô asandrô koa nefa.

IV. APPLICATION

Asaiva mivolaña hetahetam-pônazy amy mpampianatra areky tsy nampianatra izy mpianatra tsiaredreky.

LFS 20

DOMAINE: Toetr'andra, fizaran'ny taoño, fikontiaña andra

COMPETENCE: Mahay mikoraña raha mikasiky fizarazaran-taoño a Madagasikara mpiofaña.

========================================================

## I. MOTIVATION

### Matériels didactiques

1. Sary ahitaña fizaran'ny taoño sambihafa. Apetaka andakilasy io alohan'ny mianatra.



LFS 20/1

Contact/Warm up

2. Izikoa vita contact, ampikoraña mañodidiñy sary aby io mpiofaña. Apitraha fañontaniaña karaha ty:

   -Tsara andra?
   -Misy masoniandra?

Présentation de la matière

3. Volañà lahatsoratra Ty:

   Ratsy andra amy asara. Latsaka mahaleny. Misy tsiko ndreky varatra.

4. Volañà miaraka amy sary fañindroeny lahatsoratra ty.

II. EXPLOITATION

Vocabulaire: Caractéristiques des saisons

5. Ampiasà sary aby io añazavaña voambolaña aby ty:

   latsaka mahaleny
   varatra
   tsiko
   maiky
   lohataoño (alohan'ny asara)
   asara
   maintany
   fôtaka, gôdra

6. Hamariña fazahoaña irô baka kiô ampipodiana mpiofaña.

7. **Memory drill**

   Mipitraha mañano boribory miaraka amy mpiofaña mañano fampiasaña ty. Ataova modely ty:

   F: Amy asara, latsaka mahaleny.
   S1: Amy asara, latsaka mahaleny, misy tsiko.
   S2: Amy asara, latsaka mahaleny, misy tsiko, misy varatra.
   S3: Amy asara, latsaka mahaleny, misy tsiko, misy varatra, ____________.

## Information culturelle

8. Ambara mpiofaña:

   Izikoa mare loatra varatra na tsisy mahaleny nefa misy varatra, heverin'olo fa misy olo mandefa varatra amonoañaolo.

## Grammaire: Conjonctions de subordination

9. Volaña, baka iô, hamariña fazahoaña fehezan-teny reto ampidirañampampitohy:

   fôtony (cause)
   ke manjary(conséquence) /safe
   kanefa (mais)

   - Amy asara, maniry raha jiaby fôtony misy mahaleny.
   - Misy mahaleny amy asara ke manjary maniry raha jiaby.
   - Tsisy mahaleny kanefa nisy varatra be tamy aliñy.

10. Ataova maromaro ôhatra añaboahanao fampiasaña mpampitohy aby io.

11. Ampifandimbiasà amy i ke manjary i:

    safe

12. Ambara mpiofaña fa mampitohy fehezan-teny aroe irô volaña aby añabo io.

    - (fehezan-teny mivolaña antony) ke manjary/safe (fehezan-teny mivolaña conséquence)

    - (fehezan-teny mivolaña conséquence) fôtony (fehezan-teny mivolaña antony)

    - (fehezan-teny) kanefa(fehezan-teny mivolaña raha mifanohitry)

13. Phraséologie

Mañameza ôhatra anao baka iô asaiva mañamia ôhatra koa mpiofaña mampiasa mpampitohy aby io karaha ty:

- Latsaka mahaleny safe maniry tsara ahitry.
- Misy mahaleny kanefany tsisy gôdra.

Décrire une saison

14. Volañà amy fivolañana andavanandra lahatsoratra ty:

Leran'ny asara, masaka voan-draha jiaby fôtony misy mahaleny salakady mafana. Tiako asara kanefa mitôndra môko izy ke manjary maro olo azon'ny lafievra.

15. Hamariña fazahoaña lahatsoratra baka kiô hazava malakilaky volaña vaovao hôtry:

mitôndra
môko

16. Ampizaha mpiofaña volaña andesiñy mitantara fizaran'ny taoño:

Leran'ny}___________(asara,maintany........)
Amy }
Mpampitohy hôtry:

fôtôny
ke manjary/safe
kanefa

17. Lecture: you and me

Vakia andalaña areky baka iô asaiva mañampody mpianatra areky sady manôva raha ao karaha anaty modely ty:

F: Leran'ny asara, masaka voan-draha jiaby.
S1: Hon! Hon! Leran'ny asara, masaka voan-draha jiaby
S1: Fotony misy mahaleny salakady mafana.

S2: Hon! Hon! fotony misy mahaleny salakady.
S3: Tiako asara kanefany mitôndra môko.
S4: Hon! Hon! Tianao asara kanefany mitôndra môko.

## III. PRATIQUE

### Complétez avec imagination

18. Asaiva mangala boky mpiofaña mañano fampiasaña ty.

19. Asaiva hovoaña raha añaty lahatsoratra amy No14 araka fanombohany ty:

    1. Leran'ny main-tany ______________________
    ________________________________________
    ________________________________________
    ________________________________________

    2. Leran'ny lohataoño ______________________
    ________________________________________
    ________________________________________
    ________________________________________

20. Amia 8mn añanaovaña fampiasaña.

21. Ampamakia irô asandrô ary tsarà izikoa misy raha tsy mety.

### Combinaison de phrases

22. Asaiva ampiasain'ny mpianatra areky na aroe amy mpampitohy:

    fôtony
    ke manjary
    kanefa

    anambaraña irô fehezan-teny aby ty:

    a. Tsisy mahaleny.
    Maiky tany.

    b. Maniry ahitry
    Misy mahaleny.

c. Tsisy mahaleny.
Misy varatra ndreky tsiko.

d. Tiakolohataono.
Mahitso kakazo ndreky ahitry.

e. Tsy tiako asara.
Latsaka mahaleny isan'andra.

f. Tôkony mianatra zahay.
Zaho tsy handeha.
Latsaka be loatra mahaleny.

g. Tsy hitsabo kakazo zaho amaray.
Misy mahaleny be loatra.
Môra robaka zanaka kakazo.

23. Amia 5mn añanaovaña izy ary araha-maso asandrô.

24. Ampamakia mpiofaña asandrô tsiaredreky ary tsarà izikoa misy diso.

<u>Sujet de récit</u>

25. Asaiva mitantara fizaran-taoño farany tiany amindrô añy mpiofaña.

______________________________________________
______________________________________________
______________________________________________
______________________________________________
______________________________________________

26. Amia 8mn irô añanaovaña fampiasaña. Araha-maso asandrô.

27. Ampamakia irô asandrô tsiarekiareky izikoa nefa ary tsarà izikoa misy raha tsy mety.

LFS 20/6

## IV. APPLICATION

Amia añaran'olo baka an-tany sambihafa mpianatra mañontany fizaran-taoño misy amy tanananazy. Ampitsarôva irô fañontaniaña mety apetrany avy añy:

Azôvy añaranao?
Anao baka aia?
Misy mahaleny añy?
Lera ino misy gôdra?
Ombiaña masaka voan-draha?

Añontania irô raha reñindrô tañy.

LFS 21

DOMAINE: Toetr'andro, fizaran'ny taoño, fikontiaña andra

COMPETENCE: Mahay mikoraña raha mikasiky asa fatao isaka fizaran'ny taoño mpiofaña.

==================================================================

## Matériels didactiques

1. Sarin'olo ambanivolo mañano asa sambihafa.



LFS 21/1

### Contact

2. Izikoa fa vita contact, asaiva mangala bokindrô mpiofaña mañano fampiasaña ty.

## I. EXERCICES

### Matching

3. Asaiva mañano fampiasaña (n°7) añaty bokindrô ao mpiofaña.

4. Asaiva ampifandraisindrô volaña mifañaraka baka iô asaiva ataondrô añaty fehezan-teny.

| | | | |
|---|---|---|---|
| leran'ny<br>amy | asara<br>lohataoño<br>main-tany | mitsabo<br>misy<br>latsaka<br>maniry<br>maiky<br>mafana<br>manintsy | tany<br>mahaleny<br>kakazo<br>varatra<br>rano<br>andra<br>vary |

5. Amia 5mn añanaovandrô fampiasaña ary araha-maso fañanaovandrôizy.

6. Ampamakia irô asandrô izikoa nefa ary tsarà izikoa misy raha tsy mety.

### Strip story

7. Zarà tsiaroeroe mpiofaña.

8. Asaiva mandamiñy sary aby ty añaty bokindrô ao mpiofaña, baka kiô mitantara raha hita añaty sary ao.

9. Amia 10mn añanaovaña izy baka iô ampamakia irô tantaranazondrô.




LFS 21/3

## II. EXPLOITATION

### Vocabulaire: Activités agricoles

10. Volaña, hazava miaraka amy sary nampiasaiñy tiô asa aby ty:

    mitongy
    mañôro
    mamafy(afafy)
    mitetiky
    miketsa(aketsa)
    miambiñy vôroño(ambesaña)
    mitsôngo vary

11. Hamariña fazahoaña irô ary ampipodiana mpiofaña.

12. **TPR/Early production**

    Ampañanaova TPR miaraka volaña ty mpiofaña:

    Ampizahazaho - olo mitongy
    Kasiha - olo mamafy
    - olo miketsa
    - olo mitsôngo vary sns

    baka kiô amporisiha mpiofaña samby mpiofaña mifañadiñy.

13. **Dictée**

    Asaiva soratan'ny mpiofaña amy tsangañana aroe karaha ambany io volaña aby reto:

    | | |
    |---|---|
    | lohataoño | mitetiky |
    | asara | mitsôngo vary |
    | main-tany | mitongy |
    | | miketsa |
    | | mamafy |

14. Asaiva manambatra irô volaña aby io karaha añaty fehezan-teny modely ty mpiofaña:

    Mitetiky ampitsabo vary leran'ny lohataoño.

## Grammaire: Conjonctions de temps

15. Ampiasa fehezan-tenin'ny mpiofaña ampidiraña "conjonctionsdetemps":

    Miketsa olo leran'ny asara.

16. Atokana:

    leran'ny

    baka kiô ampifanoloa amy:

    izikoa fa

17. Mañanaova enrichissementn'ny conjonctions de temps miaraka amy:

    alohan'ny
    afaran'ny
    afaka

18. **Place des conjonctions**

    Mañameza ôhatra maromaro ampizahanao dikany ndreky an-tany asiaña irô añaty fehezan-teny.

    oh:

    1. Mitetiky zahay alohan'ny asara.
    2. Mamositry tsaiky zahay afaran'ny tsôngo vary.
    3. Matoe vary afaka telo fanjava.

19. Miaraka amy mpiofaña aboaha fitsipy ty:

    a. talohan'ny }
    tafaran'ny } + temps (mot/expression)
    leran'ny }
    izikoa fa }

    b. afaka + durée

Mariñy sa diso (true or false)

20. Ampanaovana mpiofana fampiasana fahasivy anaty bokindreo:

1. Mihinana kolokolo atsika alohan'ny thanksgiving.
2. Miketsa vary olo alohan'ny mamafy vary.
3. Vita stage afaka taoño areky (1).
4. Nianatra volaña Sakalava mpiofaña talohan'ny nianatra volaña vazaha ndreky malagasy ofisialy.
5. Miambiñy vôroño olo alohan'ny teraka vary.
6. Mitsôngo vary olo leran'ny lohataoño.
7. Hody Etazonia zaho alohan'ny taoño aroe.
8. Tsy maintsy mivolaña Sakalava mpiofaña alohan'ny vita stage.

21. Mampizaha ôhatra antsendriky anao alohan'irô mañano fampiasana ty:

F: Mariñy sa diso
Miketsa olo alohan'ny mamafy vary.
S1: Diso
Miketsa olo afaran'ny mamafy vary.

F: Mariñy sa diso
Vita stage afaka fanjava telo.
S2: Mariñy

Décrire les activités agricoles appropriées à une saison

22. Mimpodiana amy sary aby aloha ary ivolañana lahatsoratra ty.

Izikoa fa lohataoño, manomboko asa am-bilo. Mitetiky, mitongy, mamafy vary ampitsabo. Afaka heriñandra aroe, aketsa an-tanimbary vary.

23. Hamariña fazahoaña irô baka iô hazava malakilaky raha tsy mazava.

24. Miaraka amy fañampianan'ny mpiofaña, aboaha aby volaña andesiñy mitantara asa fatao araka fizarantaoño:

- izikoa fa, leran'ny
- alohan'ny,afaran'ny
- afaka
- ndreky fehezan-teny amy voix passive tsisy sujet karaha: aketsa an-tanimbary vary.

25. Ampanorata fehezan-teny areky aby amy tabilô mpiofaña tsiaredreky. Tsarà izikoa misy diso.

Lecture avec technique d'effaçage

26. Fafa miandalaña volaña voatsipiky aby ty baka iô soloa tsipiky.

**Izikoa fa lohataono, manomboko asa ambilo. Mitetiky, mitongy, mamafy vary ampitsako . Afaka herinandra aroe , aketsa antanimbary vary .**

27. Ampamakia mpiofaña areky lahatsoratra jiaby isaka baka mamafa volaña areky anao.

28. Mampizaha modely anao.

## III. DIALOGUE RECAPITULATIF (MOTIVATION)

29. Sorata amy flipchart dialogue ty alohan'ny mampianatra.

(Scénario: Mitaoño i Kamisy handeha a Nosy be i Todd.)

Todd: Alo atsika handeha a Nosy-Be amy fevrie.
Kamisy: Zaho, zalahy, tsy lôso miaraka aminao. Maro loatra asanaka. Izikoa fa asara, zaho tsy maintsy mikapa tanimbary isan'andra. Ary, tsy maintsy miambiñy fody koa zaho leran'ny teraka vary.

30. Volañà ary hamariña fazahoaña dialogue.

Note culturelle

31. Ambara mpiofaña fa:

Karaha olo vary amy sakalava fôtony atao hoe:

-teraka izy leran'ny miboaka voany,
-ary matoa izy leran'ny masaka

32. Role play

Vakia dialogue baka iô asaiva mamaky tsiaroeroe mpiofaña.

IV. APPLICATION

Ameza añaran'olo avy amy faritry sambihafa miasa amy site ao mpiofaña añontaniandrô asa fatao isaka asara, lohataoño, maintany.
Ameza irô fañontaniana aby ty mañampy irô :

- Ino aby asa ataon'olo ambanivolonao, leran,ny asa ?
- Mitsabo olo aminarô añy izikoa fa main-tany ?
- Ombiaña olo aminarô añy maitsabo vary na raha hafa ?

LFS 22

DOMAINE: Fahasalamaña

COMPETENCE: Mahay mitantara alinazy amin'olo mpiofaña.

I. MOTIVATION

Matériels didactiques

1. Sarin'nyteñan'olombeloño.
   Sarin'olo mikoraña amy dokotera.
   Apitaha an-dakilasy sary aby io alohan'ny mampianatra.



Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara karaha isan'andra mpiofaña.

3. Ampivolaña mañodidiñy sarin'olo amy dokotera io mpianatra ke apitraha fañontaniaña aby ty:

   - Azôvy aby amy sary?
   - Mañano ino dokotera?
   - Aia irô?
   - Mipetraka sa mitsangana irô?
   - Nañino olo areky iô?

4. Ambara mpiofaña añaraña lesoño:

   mañambara alin-tena amin'olo.

## II. EXPLOITATION

### Vocabulaire : Différentes parties du corps humain

5. Volañà tsihelihely ndreky hazava miaraka amy sary voambolaña reto:

   loha
   vity
   tratra
   ôroño
   tañana
   maso
   kibo
   nify
   vataña/heñy/teña

6. Hamariña fazahoaña irô baka iô ampipodiana mpiofaña irô io. Amia mpiofaña koa volaña aby reto izikoa ilaindreo zeñy :

   - gara / kiro maso
   - mahitsy / petak'ôroño
   - lava vity

## Exercice: Drawing

7. Mañanaova sarin'ny loha amy solaitrabe baka kiô asaiva tohizan'ny mpianatra tsiarekiareky hanjary olo:



8. Ampivolaña karaha ty sary io:

   Ty hoe i Bob. Bi-loha salakady bi-kibo izy fôtony misy ankaña maro añaty kibonazy.

9. Hamariña fazahoaña lahatsoratra io baka kiô ampamakia mpiofaña izy io.

## Note culturelle

10. Ambarà mpiofaña fa:
    Fivolañin'olo isan'andra añaran'ny maha-lelahy
    na maha-mañangy fotony matetiky
    mañasaha Sakalava.

11. Ambarà irô koa fa:

    Tsy fômba mitana lohan'olobe fôtony tsy mañaja olo fihetsiky zeñy.

## Grammaire: Adverbes de fréquence

12. Volaña fehezan-teny aby ty, baka iô hamariña fazahoaña irô. (Vakiñy "fa" i "efa" io.)

    - "Tsiary nisy ankaña tañaty kibonaka", ho i John.
    - "Efa narary nify zaho", ho Mary.
    - "Mbala marary loha zaho", ho Sally.
    - "Tsendriky narary kibo zaho nomoaly", ho Jen.

13. **Place des adverbes de fréquence**

Ampizaha mpiofaña miaraka ôhatra sambihafa fampiasaña ndreky dikan'ny "adverbes de fréquence":

| | |
|---|---|
| Tsiary } | |
| Efa } | + Predicat |
| Mbala } | |
| Tsendriky } | |

Apetraka alohan'ny prédicat irô io.

14. **Boîte à questions**

Ataova fotokopy fañontaniaña aby ty, tapatapaha, baka iô, ataova añaty boaty na satroko. Ampifidiana fañontaniaña mpianatra apetrany amy namany.

- Anao efa narary nify?
- Anao efa nandoa?
- Anao efa folaka vity?
- Anao efa narary maso?
- Anao efa nandeha ta Toleara?
- Anao efa nihinaña lelan'aomby?
- Anao efa nivalaña?
- Anao efa nipetraka ta Miami?
- Anao efa nisy ankaña?

## Vocabulaire: Nom de parasites

15. Hazava añaran-draha aby reto añampiaña añaran'ny biby madiniky ankaña:

hao
lagaly
an kôngo mantsiñy

pia
kalalao

16. Hamariña fazahoaña irô baka kiô ampipodiaña mpiofaña irô io.

17. Ataova añaty fehezan-teny karaha ty volaña aby io ary hamariña fazahoaña izy:

Misy hao fañevan'i Meva fôtony maloto.

**18. Drill de substitution complexe**

| | |
|---|---|
| | Misy hao fañevan'i Meva |
| pia: | Misy pia fañevan'i Meva. |
| loha: | Misy pia lohan'i Meva |
| kôngo mantsiñy: | Misy kôngo mantsiñy lohan'i Meva. |
| traño: | Misy kôngo mantsiñy trañon'i Meva. |
| kalalao: | Misy kalalao trañon'i Meva. |
| ankaña: | Misy ankaña trañon'i Meva. |
| kibo: | Misy ankaña kibon'i Meva. |
| lagaly: | Misy lagaly kibon'i Meva. |
| tañana: | Misy lagaly tañan'i Meva. |
| vity: | Misy lagaly vitin'i Meva. |

## Parler de son état de santé

19. Volañà, baka iô, hamariña fahazoaña dialogue ty:

Scenario: Nañontany i Kenny i Bary, mpampianatranany, fôtony tsy navy nianatra izy nomoaly.

Bary: Nañino ma anao tsy navy nianatra nomoaly Kenny? Anao ma narary?
Kenny: Ia, zaho iñy, baka, narary. Zaho io mbala marary. Zaho io azon'ny lafievra ndreky mandoa, mivalaña.

20. Hazavà malakilaky volaña sarotro karaha:

mandoa
mivalaña

21. Ambarà mpiofaña volaña andesiñy mitantara alintena amin'olo:

- zahoio/iñy} marary__________(lohà,kibo,...)
  } azon'ny __________(aretiñy )
  } misy ____________(ankaña,hao,...)

- adverbes de fréquence karaha i mbala, efa

22. Role Play

Vakia dialogue io baka kiô ampamakia mpiofaña tsiaroeroe salakady asaiva ampañarahindrô alindrô volaña añaty dialogue ao.

III. PRATIQUE

Devinette

23. Asaiva mitantara sôran'olo malaza na olo amy site mpiofaña tsiarekiareky mampiasa volaña karaha:

bi-loha , petak'ôroño
bi-kibo , lava vity .
bi-maso , gara-maso .

hifantarindry namany.

24. Amia 8mn añanaovandrô izy ary areha-maso asandrô.

25. Asaiva volañindrô aloha ary ankamantatra vitandrô.

Cross-words

26. Asaiva finoan'ny mpiofaña saoma ty:

LFS 22/7




27. Amia 5mn añanaovaña fampiasaña baka kiô tsarà.

28. Asaiva ampiasaindrô añaty fehezan-teny volaña hitandrô.

Sujet de récit

29. Asaiva mitantara fahasalamañandrô letry naviandrô ta Madagasikara mpiofaña tsiarekiareky. Asaiva mampiasa volaña karaha:

zaho io/iñy
tsiary
efa
mbala
tsendriky
azon'ny, narary.

30. Amia 8mn añanaovaña izy ary areha-maso.

31. Ampamakia irô asandrô izikoa nefa ary tsarà izikoa misy tsy mety.

IV. APPLICATION

Asaiva mitantara fahasalamañanazy amin'olo areky voafidiny amy site mpiofaña tsiaredreky.

LFS 23

DOMAINE: Fahasalamaña

COMPETENCE: Mahay mañontany alin'olo hafa mpiofaña.

==========================================================

## I. MOTIVATION

### Matériels didactiques

1. Sary ahitaña olo mamangy olo marary amy lôpitaly.
   Sary ahitaña olo azon'ny aretiñy sambihafa.
   Apitaha an-dakilasy sary aby io alohan'ny ianaraña.



LFS 23/1

## Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara karaha isan'andra mpiofaña baka iô ampivolaña mañodidiñy sary voanalohany io miaraka fañontaniaña ambany reto.

3. Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña aby ty:

   - Azôvy aby amy sary io?
   - Firy olo amy sary io?
   - Marary irô aroe?
   - Aia misy irô?
   - Ino volañin'olo mamangy io?

## Présentation de la matière

4. Volañà fañontaniaña aby ty:

   - Akôry alinao Jao?
   - Akôry nanin'ny vataña Jao?

5. Ampivolaña fañontaniaña aby io olo mamangy añaty sary voanalohany io.

6. Ambara mpiofaña raha hatao:

   Mañontany alin'olo marary.

## Note culturelle

7. Ampiasa sary io añazavaña amy mpiofaña fa:

   Fômban'olo mandeha mamangy namaña an-traño na misy marary na tsisy, fôtony : "olo mahavangivangy" ho Sakalava, "tian-kavaña".

## II. EXPLOITATION

### Vocabulaire: Symptômes des maladies



8. Volaña ndreky hazava tsihelihely irô voambolaña aby ty:

mangidy
mikohaka
mangôrohôro
mangôtsoko
faniñy
mangaña loha
mañifatra kibo
mafana hoditry
mivônto

9. Ampiasà sary aby añabo io añazavaña irô ary hamariña fahazoaña irô ndreky ampamakia mpiofaña.

10. Ataova añaty fehezan-teny volaña aby io ke volaña fehezan-teny ty:

Nomoaly, narary zaho ke nangaña lohanaka. Nangôrohôro zaho. Nañifatra kibonaka.

11. Hamariña fazahoaña fehezan-teny io baka kiô ampamakia mpiofaña.

12. **Action guessing game**

Sorata amy taratasy hely voambolaña reto alohan'ny mampianatra:

mangidy
mikohaka
mangôrohôro
faniñy
mangaña loha
mañifatra kibo
mivônto

baka kiô rasà amy mpianatra aroe añanaovandrô fihetsiky ifantarindry namany. Mañanaova modely anao. Amporisiha irô hivolaña fehezan-teny.

## Grammaire: Adverbes de fréquence

13. Ampiasa fehezan-teny ty ampidiraña adverbes de fréquences:

    -Indrekindreky zaho mangaña loha.
    -Matetiky mangaña loha zaho.
    -Nangaña loha indreky zaho .

14. Volañà hazavà ary hamariña fazahoaña:

    indrekindreky
    matetiky
    indreky

15. Ampia adverbes de fréquences sasany aby reto izy io:

    saiky
    mbala______fo

16. **Place des adverbes de fréquences**

Miaraka amy mpianatra aboaha an-tany asiañ irô adverbes de fréqnces aby io añaty fehezan-teny:

matetiky }
indrekindreky } + predicat
saiky }

mbala+ predicat + fo
Predicat + indreky

17. **Phraséologie**

Mañameza ôhatra anao, baka iô, aseva manamia ôhatra koa mpiofaña tsiaredreky mampiasa:

indreky, indrekindreky
saiky, matetiky
mbala______fo

S'enquérir de l'état de santé de quelqu'un

18. Mimpodiaña amy sary voanalohany ary volañà dialogue ty:
(Scenario: Mamangy i Bera ampiaramiasa aminazy marary i PCV Mel.)

Mel: Akôry alinao Bera?
Bera: Mbala marary fo zaho ato. Indrekindreky zaho ,faniñy.
M: Ke, anao mbala mandoa fo?
B: Ahaa, zaho efa tsy mandoa eky.
M: Tsara zeñy. Hano tsaratsara zalahy!

19. Hamariña fazahoaña dialogue baka kiô hazava malakilaky raha tsy mazava.

20. Miaraka amy mpiofaña aboaha fañontaniaña nampiasain'i Mel añaty dialogue , baka kiô ampia fañontaniaña fampiasaiñy lera mamangy olo reto :

- Akôry nanin'ny vatаña?
- Nañino ma anao?
- Anao ma marary ino?
- Ino ma aretiñinao?

21. **Dramatisation du dialogue**

Vakia dialogue baka kiô ampamakia tsiaroeroe mpiofaña ary asaiva hovoandrô fañontaniaña anatiny ao.

III. PRATIQUE

Multiple choice

22. Asaiva mangala boky mpiofaña mañano fampiasaña ty.

23. Asaiva mifidy volaña mifañaraka mpiofaña ary asaiva hamarinindrôvalintenindrô.

1. Mangaña:
   a. vitinaka.
   b. kibonaka.
   c. lohanaka.

2. Mangôrohôro zaho izikoa fa:
   a. azon'ny lafievra.
   b. misy hao fañevanaka.
   c. marary nify.

3. Mivônto vazaña izikoa:
   a. marary nify.
   b. marary vity.
   c. faniñy.

4. Mivalaña olo izikoa:
   a. azon'ny lafievra.
   b. azon'ny malaria.
   c. azon'ny aretin-kibo.

5. Faniñy leran'ny:
   a. marary nify.
   b. azon'ny lafievra.
   c. marary kibo.

6. Manintsy leran'ny:
   a. misy hao.
   b. misy kalalao.
   c. azon'ny lafievra.

7. Mikohaka anao izikoa:
   a. kajo.
   b. misy ankaña.
   c. azon'ny sery.

8. Mandoa be izy fôtony:
   a. misy lagaly.
   b. misy ankaña.
   c. marary kibo.

9. Mangidy tsaiky ty fôtony:
   a. voky izy.
   b. nazon'ny lagaly izy.
   c. mandry izy.

10. Mañifatra:
   a. tañanany.
   b. kibonany.
   c. tratranany.

24. Amia 8mn añanaovaña izy ary ampamakia irô izikoa nefa. Tsarà izikoa misy diso

Traduction

25. Asaiva avadiky mpiofaña ho volaña sakalava lahatsoratra ty:

I have never been so ill. Sometimes I feel nauseous. I vomited once. I often feel fainting. I still feel fainting. I almost die.

26. Amia 8mn añanaovaña fampiasaña ary aza adiña mañara-maso asandrô.

27. Ampamakia irô asandrô izikoa nefa.

28. Karakaraha ty lahatsoratra amy sakalava:

Zaho tsiary narary karaha ty. Indrekindreky zaho ti-handoa. Nandoa indreky zaho. Matetiky zaho faniñy. mbala faniñy fo zaho. Saiky naty zaho.

Constructalog

29. Asaiva mamôroño groupe aroeroe mpiofaña mamôroño dialogue areky mampiasa irô volaña aby ty:

Akôry alinao?
Nañino?
Ombiaña?
Faniñy,mandoa,sns......

30. Amia 10 mn añanaovaña izy ary areha-maso asandrô. Tsarà izikoa tsy mety.

31. Ampisomà irô dialogue vitandrô.

IV. APPLICATION

Asaiva mandeha mañontany alin'olo marary marikitry site mpianatra tsiaredreky. Amia irô añaran'olo hatônindrô.

LFS 24

DOMAINE: Asa

COMPETENCE: Mahay mikoraña raha mômba Corps de la Paix mpiofaña.

================================================================

<u>Matériels didactiques</u>

1. Sary ahitaña fiparitahan'ny Corps de la Paix eran-tany na eran'ny Madagasikara.



Contact/Warm up

2. Ataova karaha isan'andra fiarahabaña mpiofaña baka iô ampivolaña mañodidiñy sary añabo io miaraka fañontaniaña aby ty mpiofaña.

3. Apitraha fañontaniaña aby ty:

   - Misy ino añaty sary ato?
   - Aia aby misy Peace Corps?
   - Olo nino miasa aminazy?
   - Ino koleran'ny drapeaun'ny PC?
   - Misy sarin'ny nino añaty drapeau io?

4. Ambarà mpiofaña:

   Hikoraña mômba Corps de la Paix atsika.

## I. EXERCICES

### Vrai ou faux

5. Ampangala boky mpiofaña mañano fampiasaña faha 8 anaty bokindrô.

6. Asaiva ambaran'ny mpiofaña izikoa mariñy sa diso raha volañindrô fehezan-teny aby reto.

   a. Efa taoño folo nisian'ny Corps de la Paix teto Madagasikara.
   b. Miaramila (soldiers) irô volonteran'ny Corps de la Paix.
   c. Tsy miaramila salakady tsy ampivavaka irô volonteran'nyCP.
   d. Mañamia vôla i Madagasikara i Corps de la Paix.
   e. Mañamia olo volontera miasa Madagasikara eto i Corps de la Paix.
   f. Misy zato volontera miasa eto.
   g. Miasa mitarimy laoko volonteran'ny Corps de la Paix.
   h. Mampianatra fahasalamaña volonteran'ny Corps de la Paix.
   i. Mikarakara tontolo iainaña miaraka amy ANGAP i Corps de la Paix.
   j. Maro volontera mampiofaña mpampianatra volaña angile.

7. Asaiva amiandrô fehezan-teny mariñy izikoa hitandrô diso fehezan-teny añabo io.

## II. EXPLOITATION

**Vocabulaire: Mots ayant trait aux objectifs du Corps de la paix**

8. Volañà, hazava miaraka amy sary na ôhatra voambolaña aby reto:

   fikambanaña amerike
   mañampy
   mandefa
   manam-pahaizaña(technicien)
   tompin-tany
   tany an-dalam-pandroaña.

9. Hamariña fazahoaña irô baka kiô ampipodiana mpiofaña.

**Exercice: Reconstitution de texte**

10. Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña reto ary ampanorata irô amy solaitrabe valin-teny amorôñana lahatsoratra karaha ambany io:

    - Ino i Corps de la Paix?
    - Mandefa vôla amy M/kara izy?
    - Mandefa ino aby izy?
    - Miasa aia aby volontera aby io ?
    - Mañampy azôvy volontera?

11. Ampitaha amy areky ty lahatsoratra vitanarô izikoa ilaiñy zeñy:

    Fikambanaña amerike i Corps de la Paix. Tsy mandefa vôla izy fa mandefa volontera lelahy ndreky mañangy miasa eran'i M/kara jiaby. Mañampy vahoaka gasy jiaby volontera aby io.

12. Vakia lahatsoratra nazonarô baka kiô ampamakia koa mpiofaña.

Grammaire: Expressions du pluriel

13. Ampiasà fehezan-teny aby ty ampidiraña fampiasana volaña famoroan-draha:

-Mandefa volontera miasa eran'i Madagasikara jiaby i Corps de la paix .
-Mañampy gasy jiaby volontera aby io .

14. Asaiva tsipihin'ny mpiofana :

- jiaby
- aby

15. Ampizaha mpiofaña fomba fampiasaña irô io :

- mot+jiaby.
- Ino + aby............?
- Aia + aby............?
- Ampiasainy miaraka amy volana
- amy faran'ny fehezan-teny koa : aby.

16. Phraséologie

Asaiva mañamia fehezan-teny ôhatra mpiofaña tsiaredreky .

Décrire les buts du Corps de la Paix

Traduction

17. Asaiva mangala bokindrô mpiofaña mandika tanjoño Corps de la Paix ty amy volaña Sakalava amy fampiasaña faha-9 :

THE GOALS OF PEACE CORPS

These are the goals of Peace Corps :

1- To help the people of interested countries in meeting their needs for trained manpower.
2- To promote a better understanding of Americans on the part of the people served .
3- To promote a better understanding of the other people on the part of Americans .

18. Asaiva miaraka tsiaroeroe mpiofaña mañano fampiasaña Ary amea 10mn añanaovaña izy. Ampia irô ikoa mila fanampiaña.

19. Asaiva ampitahaindrô amin'ny areky ty lahatsoratra nefandrô izikoa ilaiñy zeñy :

TANJOÑON'NY CORPS DE LA PAIX.

Reto aby tanjonon'i Corps de la Paix :

Voanalohany, mañampy vahoaka an-tany an- dalampandrosoaña amy fandefasaña olo mahay raha volontera miaraka miasa .
Faharoe, mampifankahay vahoaka Amerike amin,ny vahoaka an-tany iasaña .
Fahatelo , mampifankahay vahoaka an-tany iasaña amy vahoaka Amerike .

20. Aboaha mpiofaña irô volaña ampiasaiñy lera mitanisa raha :

Reto aby tanjoño / raha kindreñy ___________;
Voanalohany,___________________________,.
Faharoe,_______________________________,
Fahatelo,______________________________,

21. **Lecture expressive**

Ampamakia mpiofaña tsiaredreky lahatsoratra voadika amy volaña sakalava io.

## III. DIALOGUE RECAPITULATIF (MOTIVATION)

22. Sorata amy flip dialogue ty alohan'ny mampianatra.

23. Volaña izy ty baka kiô hamariña fazahoaña izy.

Scenario: Mañontany i Jim raha momba i Corps de la Paix i Kalo.

K : Ino ma Corps de la Paix zeñy? Izy io ma fikambanan'olo ampivavaka?

J : Ehee! Tsy fikambanan'olo ampivavaka izy io fa fikambanaña amerike mandefa volontera miasa an-tany an-dalampandrosoana. Ao misy volontera mpampianatra angile. Ao volontera ampitsabo kakazo. Ao misy volontera ampiasa amy parky. Ao, koa, volontera mpampianatra fahasalamaña.

24. Hazava malakilaky volaña sarotro:

ampivavaka

25. **Note culturelle**

Ambara mpiofaña fa:

Mazoto mañampy vahiny amy asanazy sakalava izikoa hitandrô fa vôñono hiasa anao vahiny.

26. **Read and look up**

Vakia dialogue baka kiô ampamakia mizaha tsy mizaha mpiofaña tsiaroeroe.

## IV. APPLICATION

Alifasa mikoraña amy ampiasan'ny centre mpiofaña tsiaredreky mañazava asan'ny Corps de la Paix a Madagasikara eto ndreky raha kindreny. Amia añaran'oloirôikoranandrô.

LFS 25

DOMAINE: Asa

COMPETENCE: Mahay mitantara asa ataon'ny vôlônteran'ny Corps de la Paix mpiofaña.

==========================================================

## Matériels didactiques

1. Sarin-tanin'i Madagasikara ahitaña fiparitahan'ny volontera eraña Madagasikara. Apitaha amy solaitrabe alohan'nymampianatra.



## Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara karaha isan'andra mpiofaña baka kiô ampivolaña mikasiky asandrô.

3. Apitraha amindrô fañontaniaña reto:

   - Aia aby misy volontera a Madagasikara eto?
   - Hiasa aia anarô?
   - Ino aby asa hataonarô añy?
   - Hiaraka hiasa amin-jôvy anarô?

4. Ambara irô raha hatao niany:

   Hikoraña asan'ny volonteran'ny CP.

## I. EXERCICES

## Listening comprehension

5. Anrezistriava amy kasety dialogue ty hariva alohan'ny ampianaranao:

   Rôjo: Anao ma vazaha vavy hiasa aminay eto zeñy?
   Mary: Ia. Zaho io volonteran'ny CP.
   R: Mba mahagaga zeñy. Aminarô an'Ameriky añy ma tsisy asa?
   M: Tsy zeñy baka izio fa hañampy amy asa fampiañaraña volaña angile naviako eto. Maro irô namako miasa na mikasiky tontolo iañana , , azonao,na mikasiky fahasalamaña.
   R: Vôla ndreky materiely raha teña tadiavinay aty fôtony maro olo afaka mañano asanarô io aty , azonao.
   M: Hiaraka hiasa amin'olo aby zeñy teña tianay, azonao.

6. Rasà tsiaroeroe mpianatra mangala an-tsôratra volaña anaty dialogue.

7. Amia 8mn iô hitandriñesandrô izy ndreky angalaña volaña an-tsôratra dialogue jiaby.

8. Izikoa nefa, tsara ikoa misy raha tsy mety baka kio aravona ho areky dialogue nazondro jiaby

## II. MOTIVATION

9. Volañà dialogue voatsara ty:

(Scenario: Mañontany asan'i PCV Mary i Rôjo, tômpin-trañonazy.

Rôjo: Anao ma vazaha vavy hiasa aminay aty zeñy?
Mary: Ia. Zaho io volonteran'ny CP.
R: Mba mahagaga zeñy ! Aminarô an'Ameriky añy ma tsisy asa?
M: Tsy zeñy fa: hañampy amy asa fampianaraña volaña angile naviako eto. Maro irô namako miasa na mikasiky tontolo iañana,azonao, na mikasiky fahasalamaña.
R: Vôla ndreky materiely raha teña tadiavinay aty fôtony maro olo afaka mañano asanarô io aty,azonao.
M: Hiaraka hiasa amin'olo aby zeñy teña tianay,azonao.

10. Hazava amy ankapobeny dialogue io baka kiô hamariña fazahoaña izy miaraka fañontaniaña aby reto:

- Azôvy añaran'ny volonteran'ny CP?
- Ino asanazy?
- Ino aby raha tadiavin'olo?
- Nino nahagaga i Rôjo?

11. **Lecture: You and me**

Asaiva mamaky mifamaly replique mpiofaña salakady mañôva raha mety hovoaña. Atomboha modely:

F: Anao ma vazaha vavy hiasa aminay eto zeñy?
S1: Hon, Hon, anao ma vazaha vavy hiasa amintsika eto zeñy?
S1: Ia, zaho io volonteran'ny CP.
S2: Hon, Hon, anao io volonteran'ny CP.

Note culturelle

12. Ambara mpiofaña fa:

Hajain'ny Sakalava vahiny izikoa hitany fa mahay asa, mañajà asa ndreky misikiñy madio sady mihaja.

III. EPLOITATION

Vocabulaire: Actions ayant trait au travail des PCV

13. Mañanaova enrichissementn-ny asan'ny volontera miaraka amindrô voambolaña aby reto:

mivory
mampivory
mampañanofañadiñana
mañamia hevitry
manapa-kevitry
mañamia tañana (mañampy)
mitsapa manãngy mavesatra
mipezy tsaiky
mampañano vaksiny
mañamboatra pepiniera
mamboly

14. Ampianara voambolaña zay tadiavin'ny mpiofañanao.

15. Hazava miaraka sary na ôhatra baka kiô ampipodiana voambolaña aby io.

16. Jeu de questions-réponses

Ampangalà boky mpiofaña mifametraka fañontaniana reto añaty fampiasaña faha-8.

1- Tôkotro mampivory azôvy anao ambanivolo añy?
2- Ino antony ampivorianao olo?
3- Aia an-tany ampivorianao olo?
4- Mampañano fañadinaña azôvy anao?
5- Aia ampañanaovanao fañadiñana?
6- Azôvy aby olo amianao hevitry?
7- Hiaraka hiasa amin-jôvy anao?
8- Ino antony añamboaraña pepiniera?
9- Mañamia tañana azôvy anao ambanivolo añy?

17. Ampanorata mpiofaña amy solaitrabe lahatsoratra ty ary tsara izikoa misy diso.

> Volonteran'ny fahasalamaña i Matt. Reto aby asanazy: fampianaraña fadiovaña, fampañanaovana vaksiny olo ambanivolo, ary fañaraha-maso fitomboan'ny tsaiky madiniky.

18. Vakia izy io baka kiô hamariña fazahoaña izy.

19. Ampitsipiha irô volaña manomboko amy F:

    fahasalamaña
    fampianaraña
    fadiovaña
    fampañanaovaña
    fañaraha-maso
    fitomboaña

## 20. Formation du déverbatif

Ampizaha mpiofaña fiforônan'ny añaraña baka amy matoanteny:

adoso M alohan'ny matoanteny na mpamari-toetry ary soloaña F, baka kiô ampiaña aña/ña amy farany ary miôva H, K, R, TR :

| | | |
|---|---|---|
| fahasalamaña | < | f-(m)ahasalama-ña |
| fadiovaña | < | f-(m)adio-v-aña |
| fitomboaña | < | f-(m)itombo-aña |
| fampianaraña | < | f-(mampiana(tr)ra-aña |
| fanaraha-maso | < | f-(m)anara(k)ha-maso |

## Exercice de transformation

21. Toñona fehezan-teny areky baka iô asaiva hovoaña ho añaraña matoanteny na mpamari-toetry ao. Ampizaha irô modely:

F: Manaraka maso fitomboan'ny tsaiky izy.
S: Fanaraha-maso fitomboan'ny tsaiky asanazy.

- Mitsapa mañangy mavesatra i Matt:
  Fitsapaña mañangy mavesatra asan'i Matt.
- Mipezy tsaiky i Anna:
  Fipiziaña tsaiky asan'i Anna.
- Mamboly zañaka kakazo anao:
  Famboliaña zanaka kakazo asanao.
- Mampianatra volaña sakalava zaho:
  Fampianaraña volaña sakalava asanaka.
- Mampivory olo ambanivolo i Jerry:
  Fampivoriaña olo ambanivolo asan'i Jerry.
- Mampianatra fahasalamaña atsika:
- Mianatra mivolaña gasy mpiofaña a Mantasoa.
- Mitsabo kakazo anaty ala i PCV Bob.
- Mañampy dokotera ambanivolo i PCV Karen.
- Miaraka miasa amin'olo ambanivolo volontera amy tontolo iañana.

22. Amporisiha koa irô samby irô mañano karaha io. Asaiva ataondrô fampiasaña faha-9 añaty bokindrô.

## Décrire son travail de volontaire

23. Volaña dialogue ty:

(Scénario: Mañazava asanany amy namany Amina i Brad.)

Amina: Ino ma raha ataonao aminay aty Brad?
Brad: Zaho ty, volonteran'ny Corps de la Paix miasa añaty ala, azonao. Reto aby asanaka eto: fiara-miasa amy APN amy fanitsikitsefaña ampamboly amy famboliaña kakazo añaty tanim-bary, azonao, fañamboaraña vôvo, pepiniera ,azonao ......

24. Hamariña fazahoaña dialogue ndreky hazava malakilaky volaña sarotro:

reto aby
fañitsikitsefaña
vôvo

25. Aboaha miaraka amy fañampian'ny mpiofaña volaña andesiñy mitantara asan-tena amin'olo añaty dialogue ao:

-Reto aby asanaka eto:
-____________,azonao______.
- ndreky volaña manomboko amy F.

26. Amia koa volaña ambany ty añampianao lay añabo io:

-Reto aby raha ataoko eto:
-Reto aby antony naviako aty :

27. **Dramatisation du dialogue**

Vakia dialogue io baka iô ampamakia tsiaroeroe irô ary asaiva mañaôva raha añaty dialogue ao araka asandrô mariñy(adaptation).

IV. APPLICATION

Amia añaran'olo sambihafa mpiofaña ikorañandrô antony naviandrô eto ndreky anontaniandrô asanany.

LFS 25/7

LFS 26

DOMAINE: Dia

COMPETENCE: Mahay mila hevitry mikasiky dia mpiofaña.

============================================================

I. MOTIVATION

Matériels didactiques

1. Sarin'ny raha ampitôndra olo isan-karazaña. Apitaha amy tabilô alohan'ny mampianatra sary aby io.



LFS 26/1

## Contact

2. Ataova contact, baka iô, ampizaha mpiofaña sary. Ambara irô añaran'ny leson.

## Warm up

3. Sorata amy taratasy halaviran-dalaña aby io, avy iô, zarà amy mpiofaña hapetakandrô amy sarin'ny raha ampitôndra olo mifañaraka.

| | | | |
|---|---|---|---|
| 1. | Mantasoa | -> | Tana |
| 2. | USA | -> | Madagasikara |
| 3. | Centre | -> | Lotely Hermitage |
| 4. | An-traño fihinanaña | -> | An-traño fandriaña |
| 5. | Antsirabe | -> | Antsirabe |
| 6. | Nosy-be | -> | Ambanja |
| 7. | Tana | -> | Antsirabe |
| 8. | Sambava | -> | Tana |
| 9. | An-traño fianaraña | -> | Amin'ny Salon |

## Présentation de la matière

4. Volañà amy fivolañana mahazatra lahatsoratra ty:

> Isaka harivariva, mandeha bisikilety i Bill mandeha mividy labiera a Mantasoa. Isaka robia folak'andra ndreky, mandeha bisy lava izy mandeha a Tana.

5. Tondroa sary mifañaraka amindrô sary añabo sady volañà ndreky lahatsoratra io.

## Information culturelle

6. Ambara mpiofaña lera maha-mety izy fa:

> Aza mañamiamia entaña mpanera fa mety ho very.

7. Ambara irô koa:

> Aza adiña mitôndra hany ndreky rano izikoa mandeha amy taxibrousse fôtony matetiky maty an-tany tsisy tanana tômobily.



LFS 26/6

## II. EXPLOITATION

### Vocabulaire: Noms de moyens de transport

8. Hazava tsihelihely miaraka sary añaran-draha fiondranaña aby ty:

   rôpilany
   tômôbily
   kara lava/bisy
   taxi-brousse

   môto
   bisikilety
   vity

   saretry/sarety
   posiposy

   laka
   baky
   sambo

9. Hamariña fazahoaña irô baka kiô ampipodiaña mpiofaña.

### Catégorisation

10. Manaova tsangananaña telo karaha ambany io amy solaitrabe baka kiô asaiva alamiñy añaty tsangananaña ao añaran-draha aby io.

| Ranomasy | Lañitry | Lalabe |
|---|---|---|
| | | |

11. Asaiva ampiasain'ny mpiofaña añaty fehezan-teny araiky añaran-draha fiondranaña io maromaro. Mañameza modely anao miaraka amy:

    mandeha
    mahay mitôndra
    misy

LFS 26/6

## Grammaire: Révision des phrases interrogatives

12. Volaña baka kiô hamariña fazahoaña dialogue ty:

Jill: Ino aby raha mety iondranaña mandeha a Nosy-be?
Solo: Mety miondraña rôpilany na taxi-brousse, baka iô Baky.
J: Hôtrino pasazy mandeha a Nosy-Be baka eto?
S: Izikoa anao mandeha rôpilany: lafolafo; izikoa, ndreky, mandeha kara lava, mety môramôra.
J: Zaho handeha taxi-brousse .
S: Aza adiña mitôndra rano ndreky hany e !

13. Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña reto:

Ino fañontaniañan'i Jill?
Ino fañontaniaña hafa mira io?

## Exercice: Fill in the chart

14. Asaiva finoan'ny mpiofaña X añaty tany mifanaraka.

| | Firy? | Ombiaña? | Amy firy? | Hôtrino? | Ino aby? |
|---|---|---|---|---|---|
| pasazy | | | | X | |
| km | | | | | |
| daty | | | | | |
| lera | | | | | |
| raha andihanana | | | | | |

15. Asaiva mamôroño fañontaniaña mikasiky dia mpiofaña mampiasa volaña fañontaniaña aby io.

## Vocabulaire: Actions relatives aux moyens de transports

16. Mañanaova enrichissementn'ny mandeha miaraka volaña aby reto:

miôndraña
mitengiñy
miòmba

miboaka baka amy tômôbily
mitiliñy

17. Hazava miaraka fihetsiky na volaña mifanohitry irô io.

18. Hamariña fazahoaña izy baka kiô ampipodiana mpiofaña.

19. **Jeu de questions-réponses**

Apitraha amy mpiofaña faňontaniaña aby ty:

- Nino niondrananao nandeha aty M/kara?
- Nitengiñy tomobilin'ny CP anao tamy Tech visit?
- Anao mahay mitôndra tomobily/bisikilety /rôpilany?
- Mahay mitôndra môto anao?
- 'Fa nitengiñy savaly anao?
- Karaha akôry mitengiñy savaly?
- Miômba ino olo mandeha an'Ameriky?

<u>Exprimer les problèmes pendant le voyage</u>

20. Añontania mpiofaña fañontaniaña aby ty:

- Ino olaña mety misy leran'ny mandeha?
- Nisy olo nandoa tamy tômôbily niondrananao?
- Malalaka tômôbily nandihananao?
- Anao tsiary ti-hamany na ti-hangery leran'ny mandeha?

21. Araraota valin-tenindrô, ampianaraña expressions aby ty baka kiô ampamakia mpiofaña:

- Azafady, atsangana/ajanôna hely, sôfera!
- A sôfera, olombelo tsy akoho! (izikoa ti-hamany.)
- Mbo/Mba mitateha hely, azafady, fa tery loatra zaho.

22. Dictée

Ampanorata mpiofaña amy tabilô volaña aby io baka kiô ampamakia mpiofaña.

III. PRATIQUE

Rédaction

23. Asaiva mangala boky mpianatranao mañano fampiasaña ty.

x

24. Rasa tsiaroeroe mpianatra baka kiô amia areky amindrô situations aby ty amorônandrô dialogue:

a. Eritrereta añaty taxibrousse handeha Diego anao. Mikoraña miaraka amin'olo namanao dia areky ke añontania izy hôtrino pasazy, firy andra andihanaña, firy halaviran-dalaña. Volaña amy sôfera fa anao ti-hamany.

b. Eritrereta fa handeha Morondava anao. Mikoraña miaraka amy namanao dia areky. Añontania izy vidin'ny pasazy, halaviran-dalaña ndreky faharetan'ny dia. Baka kiô asaiva mitateky izy.

25. Asaiva vakindrô situations añaty bokindrô ary amia 10mn añanaovandrô. Araha -maso asandrô ary tsarà izikoa misy tsy mety .

Role play

26. Asaiva somaindrô dialogue nefandrô.

IV. APPLICATION

Amia añaran'olo efa nandeha tan-tany hafa mpiofaña tsiaredreky añontaniandrô mômba dianazy.

LFS 27

DOMAINE: Fifandraisañaamin'olo

COMPETENCE: Mahay mandà filan'olo izy ampañajaña mpiofaña

==========================================================

## I. MOTIVATION

### Matériels didactiques

1. Sary ahitaña lelahy mila mañangy.



LFS 27/1

## Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara karaha isan'andra mpiofaña.

3. Ampikoraña mañodidiny sary mpiofaña ke apitraha amindrô fañontaniaña aby ty:

   - Misy ino añaty sary ao?
   - Azôvy añaran'ny lelahy?
   - Azôvy añaran'ny mañangy io?
   - Ino raha ataon'ny lelahy?
   - Nañino i mañangy io?
   - Ravoravo izy?

## Présentation de la matière

4. Volañà miaraka fivolañana andavanandra dialogue ty:

   Jaotoly: Tsara, zalahy, tsaiky ty! Anao zalahy tiako Kelly. Zaho zalahy ti-hiaraka aminao.

   Kelly: Miala tsiñy Jaotoly fa zaho,zalahy, tsy afaka hiaraka aminao.

5. Ampiasà sary io ivolañanao dialogue io indreky na indroe.

## Note culturelle

6. Ambara mpiofaña:

   Tôkotro hamaly ampahatsoraña anteña izikoa tsy ti-hiaraka amin'olo mila an-tena fa tsy tôkotro hanasahasaha na ho meloko baka tsy hisian'ny kaikay na helokon'oloamin-teña.

# II. EXPLOITATION

## Expressions servant à courtiser une personne

7. Ampodiana volañiny volañan'i Jaotoly añaty dialogue io ary hamariña fazahoaña izy, baka kiô ampamakia mpiofaña:

   Tsara, zalahy, tsaiky ty! Anao, zalahy, tiako, Kelly!
   Zaho , zalahy, ti-hiaraka aminao .

8. Mañanaova enrichissement miaraka amindrô volaña filaña mañangy hainao karaha reto:

- Zaho manaña fitiavaña aminao.
- Zaho ti-hiaraka aminao.
- Tiako maty tsaiky ty!
- Mety vangiaña anao?

9. **Lecture expressive**

Vakia volaña filaña mañangy aby io baka kiô ampamakia koa mpiofaña.

## Information culturelle

10. Ambarà mpiofaña irô fihetsiky ataon'olo mila mañangy na lelahy:

ts-ts-ts-
pi-maso
mitoloño
mangala sady mikitikitiky fela-tañan'ny managy io.
mifiko
manafosafo

11. Bakiô apitraha amindrô fañontaniaña ty:

Ino fihetsiky ataon'ny Amerike izikoa fa mila mañangy?

## Expressions pour dire "non" aux avances sexuelles

12. Mimpodiana amy sary aloha ary baka kiô ampivolaña karaha ty olo ao:

J: Zaho manaña fitiavaña aminao, Kelly!
K: Miala tsiñy aminao zalahy fa zaho tsy afaka hiaraka aminao, fôtony efa misy olo iarahako.

13. Hamariña fazahoaña valin-teny mandà io.

14. Ampia volaña famaliaña mandà aby reto izy io:

-Miala tsiny zalahy fa:

efa misy olo hafa tiako.
zaho efa miaraka amin'olo.

zaho efa manambady.
efa misy olo miaraka aminaka.

-Zaho tsy mety vangiaña.
-Tsaratsara amintsika, mañano ampinamaña fo.

15. Hazava tsiaredreky volaña na hevitsy fandavaña aby io baka kiô hamariña fazahoaña irô.

16. **Drill chaine**

Asaiva mifampila miaraka amy volaña filaña aby añabo io mpiofaña baka kiô mandà.
Atomboha aminao fampiasaña ary kindria hifaraña aminao.

oh: F: Zaho ti-hiaraka aminao i __________ S1.
S1: Miala tsiñy aminao fa zaho tsy afaka hiaraka aminao.
S1: Zaho manaña fitiavaña aminao i _______ S2.
S2: Tsaratsara amintsika, mañano ampinamaña fo.

## Grammaire: Prefixe "ampi-"

17. Ampiasa volaña fandavaña areky ty leran'ny mamaly filaña amy fampiasaña añabo io anao, ampidiraña fitsipipitenenana ty:

Tsaratsara amintsika mañano ampinamaña fo.

18. Ampanorita mpiofaña volaña:

ampinamaña

19. Mañameza ôhatra maromaro añazavaña dikan'ny ampi-baka kiô hamariña fazahoaña izy.

- Ampinamaña atsika.
- Ampivady i Bill ndreky Hillary Clinton.
- Ampizôky, ampizandry i Michael Jackson ndreky Germain Jackson.
- Ampirahalahy irô.

20. **Exercice de transformation**

Asaiva mangala bokindrô mpiofaña mañano fampiasaña ty:

oh: Namako i John.
->Ampinamañazahay.

a. Vadin'i Bill Clinton i Hillary Clinton.
b. Anadahiny i Joe.
c. Namako i Mary.
d. Zandriny izy.
e. Zôkiko izy.
f. Rahalahiny irô.
g. Zanany izy.
h. Havako izy.

<u>Expressions pour dire "oui" aux avances sexuelles</u>

21. Volañà amy fivolañana andavanandra korаña ty:

Be: Tiako maty tsaiky ty. Alô atsika hiaraka.
Mary: Ti-hiaraka aminao zaho fa tsao anao manambady.

22. Hazavà baka kiô hamariña fazahoaña koraña io.

23. Ampia volaña fañikiaña hainao karaha reto volaña fañikiaña añaty koraña io:

- Zaho koa tia anao.
- Zaho koa manaña fitiavaña aminao.
- Anao ma tia zaho mariñy sa mankadala zaho?
- Anao koa tiako nefany tsao anao efa manambady.

24. Hazava ndreky hamariña fazahoaña fivolañana tsiaredreky baka kiô ampamakia mpiofaña.

LFS 27/4

25. Dramatisation

Sorata añaty taratasy madinidiniky volaña aby reto, baka kiô, rasà amy mpiofaña añanaovaña fampiasaña miaraka amin'olo tiany:

- Anao zalahy tiako. Anao afaka hiaraka aminaka?
- Zaho manaña fitiavaña aminao.
- Zaho zalahy ti-hiaraka aminao.
- Anao mety vangiaña?

III. PRATIQUE

Rédaction

26. Asaiva mañano goropy tsiaroeroe mpiofaña, baka kiô amia situations arekiareky isaka goropy amorônandrô koraña.

27. Reto aby situations añamezaña irô:

1. Miôndraña kara lava anao handeha a Diego. Misy lelahy mila anao. Tsy mañeky anao.

2. Avy a birônao ao talenao isan'andra mila anao. Tsy mañeky anao.

3. Mandeha mitsinjaka miaraka amy namanao anao. Nilainy anao ke mañeky.

28. Amia 10mn amorônaña koraña mikasiky situations aby io.

29. Areha-maso asandrô ary ampia irô izikoa misy fañontaniaña.

Role play

30. Ampisomà irô koraña niforônindrô izikoa nefa.

LFS 28

DOMAINE: Filaminaña

COMPETENCE: Mahay mangataka vonjy amin'olo leran'ny misy raha manahiraña mpiofaña.

==========================================================

## Matériels didactiques

1. Sary ahitaña olo mangalatra.




LFS 28/1

## Contact/Warm up

2. Arahaba ndreky ampikoraña karaha isan'andra mpiofaña.

3. Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña aby ty:

   - Azôvy efa nandeha ta New York?
   - Efa nitsidiky Harlem na Bronx anarô?
   - Ino aby crime misy añy?

## I. EXPLOITATION

### Vocabulaire: Actions relatives aux agressions

4. Volañà miandalaña , araka crime volañin'ny mpiofaña, voambolaña aby reto:

   mangalatra
   mamaky traño
   mangaro-pôso
   mañendaka olo
   mamônoolo

   manafiky
   mitomboko meso
   mañôndry
   mañolaña

   miambiñy traño
   mañiana ampangalatra
   misarômbaka olo

5. Hazava miandalaña amy fihetsiky na sary na ôhatra voambolaña aby io ary hamariña fazahoaña izy , izikoa misy tsy mazava na tsy voavolañandrô tañabo tary.

6. Ampamakia mpiofaña tsiaredreky voambolaña aby io.

7. **Jeu de questions-réponses**

Apitraha amy mpiofaña fañontaniaña aby ty:

- Anarô efa nahita ampangalatra?
- Nangalatra ino izy?
- Aia misy olo mangaro-pôso?
- Naty karaha akôry i Presida JFK?
- Azôvy mahay mañôndry?
- Anao efa nañôndry? Taia?
- Ombiaña olo mañiaña ampangalatra?
- Azôvy nañiaña ampangalatra?
- Misy olo miambiñy trañonao an'Ameriky?
- Azôvy misarônmbaka leran'ny misy traño may?

## Expressions par appeler au secours

8. Ampiasa sary aloha ary ivolañana korana ty:

(Scenario: Nisy ampangalatra tamy trañon'i Karen.)

Karen: Ampangalatra e! Ampangalatra e!
Zalifa: Misy ino Karen?
K: Misy ampangalatra e! Nangalarindrô tafon-trañonaka. Ino foeky tôkony hataoko?

9. Hamariña fazahoaña koraña io.

10. Ampia volaña aby reto volaña fikahiaña vonjy io:

- Maty zaho ô!
- Sarombaha fa {sahirana e!
  {maty e!
- Ampamôno olo ô!
- Kahia lapolisy malaky!
- Milomahiza malaky mikaiky dokotera!
- Andesa amy dokotera malaky!

11. Hazavà tsiarekiareky volaña aby io baka kiô hamariña fazahoañairô.

12. **Lecture expressive**

Vakia volaña aby io baka kiô ampamakia mañaraka fivolañanaompiofaña.

LFS 28/3

## Grammaire: Prefixe "amp-"

13. Ampiasà volaña aby ty ampidiraña fitsipi-pitenenaña tovoña amp-:

    Ampangalatra e!
    Ampamôno olo!

14. Apitraha amy mpiofanna fañontaniaña ty:

    Ino raha mira añaty volaña aroe io?

15. **Valeur du prefixe amp-**

    Miaraka amy mpiofaña tsoaha dikan'ny tovona ty:

    amp: olo na raha ampañano raha areky.

16. **Place de amp-**

    Ampizaha mpiofaña miaraka ohatra:

    | | | |
    |---|---|---|
    | mangalatra | -> | ampangalatra |
    | mañolaña | -> | ampañolaña |
    | miasa | -> | ampiasa |

    fa:

    Soloaña amp i m amy matoanteny.

17. **Phraséologie**

    Asaiva mañamia fehezan-teny misy volaña misy:

    tovoña amp

    mpiofaña.

## Demander des conseils

18. Ampiasa fañontaniaña farany amy koraña N:08 añabo io añamezaña fañontaniaña fangatahaña hevitry:

    Ino foeky tôkony hataoko?

19. Ampia fañontaniaña sasany aby reto izio:

- Ino aby raha azoko hatao?
- Ino foeky mety hataoko?
- Karaha akôry foeky hataoko?
- Amia hevitry foeky zaho amy raha tôkony hataoko.

20. Hazava amy mpiofaña fa fañontaniaña fangatahaña hevitry amin'olo dikan'ny fañontaniaña ndreky fehezanteny io baka kô ampipodiana irô ary mira fo dikandrô jiaby.

21. **Dramatisation du dialogue**

Asaiva mañano tsiaroeroe mpiofaña misaoma dialogue amy No9 ary asaiva soloandrô volanã añaty ao.

II. PRATIQUE

Scrambled expressions

22. Asaiva mangala boky mpiofanã mañano fampiasaña ty.

23. Asaiva alamiñy ahazoaña fañontaniaña misy dikany volaña mipôtopôto aby reto:

a. foeky/tôkony/ino/hataoko/?
b. raha/aby/azoko/atao/ino/?
c. mety/ino/hataoko/foeky/?
d. hataoko/karaha/foeky/akôry/?
e. foeky/zaho/hevitry/amy/raha/hataoko/tôkony/amia.

24. Amia 5mn añanaovaña fampiasaña.

25. Ampamakia irô fañontaniaña azondrô izikoa nefa ary tsara izikoa misy raha tsy mety.

Redaction

26. Asaiva mañano tsiaroeroe mpiofaña mamôroño koraña mifañaraka amy situations aby reto:

   a. Mandeha an-dalabe anarô. Misy olo nangaropôso namanao. Sorata aby raha nataonarô ndreky nivolañinarô baka kiô somà miaraka amy namanao.

   b. Nisy ampanagalatra namaky trañonao tamy aliñy. Very aby bisikiletinao, kapilanao, volanao ndreky radio. Navy olo nañontany anao. Sorata korañarô baka kiô somà miaraka amy namanao.

   c. Nandeha aliñy anao ke nisy olo nañôndry ndreky nañendaka anao. Gaga olo mipetraka mariny anao. Ke nañontany anao irô. Sorata korañanarô baka kiô somà miaraka amy namanao.

27. Amia 10mn añanaovaña fampiasaña ary areha maso asandrô. Ampia mpiofaña izikoa misy raha tsy mety.

28. Ampisomà irô koraña niforoñindrô izikoa nefa.

III. DIALOGUE DE REFERENCE (MOTIVATION)

29. Sorata amy flipchart koraña ambany ty alohan'ny mampianatra.

30. Volaña dialogue io baka kiô hamariña fazahoaña izy.

   (Scenario: Nivakin'olo trañon'i Gary. Ke nikoraña tamin'olo ambadiky, Kamisy, izy.)

   G: Nivakin'olo trañonaka aliñy iñy. Zaho nandrontoño: "Ampangalatra e! Ampangalatra e!", tsisy olo niboaka. Tsy haiko eky raha hatao.
   K: Reñinay anao iñy fa zahay navozo fôtony indrekindreky mitôndra basy ampangalatra aby io.
   G: Ke karaha akôry foeky hataoko?
   K: Tsaratsara aminao: mangala garidie na mitarimy fandroaka miambiñy trañonao.

LFS 28/6

31. **Lecture expressive**

Vakia dialogue io baka kiô ampamakia tsiaroeroe mpiofaña.

Note culturelle

32. Ambara mpiofaña:

Arakaraka tanana, indrekindreky misy olo misarômbaka an-tena leran'ny misy ampanafiky, indrekindreky tsisy fôtony mavozo olo tsao maty bôry na manjary vavolombeloño amy fanjakaña.

## IV. APPLICATION

Amia añaran'olo amy site ao mpiofaña tsiaredreky añontaniaña fañontaniaña aby reto:

- Efa nisy ampangalatra na ampamaky traño teto?
- Ombiañanisian'izeñy?
- Ino aby raha nataon'olo?
- Amia hevitry zaho amy tôkony hatao izikoa misy ampanafiky.

Añontania mpiofaña tsiaredreky korañandrô tañy.

LFS 28/7

LFS 29

DOMAINE: Filaminaña

COMPETENCE: Mahay mañazava raha mahazo izy amy manampahifañampiofaña.

==========================================================

Matériels didactiques

1. Sarin'ny volontera areky mikoraña amy presidan'ny fokontany anaty birô.




LFS 29/1

## Contact/Warm up

2. Ataova mbala tsara mpiofaña sady ampikoraña karaha isan'andra.

3. Mañanaova famerenana lesoño taloha faha-28 amy famakian'ny mpianatra dialogue añaty motivation.

4. Asaiva alaindrô an'eritreritry tantara mety tohin'io dialogue io.

## I. EXERCICE

## Picture talk

5. Asaiva mañano goropy tsiaroeroe mpiofaña mañano fampiasaña ambany ty.

6. Asaiva zahaña tsara sary ty baka kiô ampivolañindrô araka hevitry ty:

   Nivakin'olo trañon'i PCV Gary aliñy iñy ke nandeha amy presidan'ny fokontany izy mañazava raha nahazo izy.






LFS 29/2

7. Amia 5 firaka 10mn añanaovaña fampiasaña baka kiô ampivolaña irô tantara ndreky koraña voafôroñondrô.

## II. DIALOGUE DE REFÉRENCE (Mòtivation)

8. Sorata amy flipchart koraña areky ty baka kiô apitaha amy solaitrabe:

   (Scenario: Mitory amy presidan'ny fokontany i Gary fôtony nisy namaky trañonazy aliñy iñy.)

   P: Mba navy marandreñy be anao ty zalahy. Misy ino, zalahy?
   G: Hainao, Presida: nivakin'olo trañonaka aliñy iñy ke hañambara zeñy antony naviako aty.
   P: A zalahy e! Mahalany fanahy zeñy! Ke nino aby raha very?
   G: Nalaindrô tafon-trañonaka, bisikiletinaka.
   P: Tôkotôkotro tamy firy izio?
   G: Tôkotôkotro tamy sasakaliñy tiô.

9. Volaña baka kiô hamariña fazahoaña koraña io.

10. Hazava malakilaky volaña tsy azon'ny mpianatranao.

11. **Role play**

    Vakia ndreky dialogue io baka kiô ampamakia tsiaroeroe koa irô.

## Information culturelle

12. Ambarà amy mpianatranao fa:

    Izikoa misy raha mahazo an-teña karaha halatra, tôkotro mandeha mitory amy manam-pahifaña farany mariny tananan-teña ary tôkotro hañaraka ambaratongam-pahifaña misy:

    presidan'ny fokontany,
    lapolisy na zandaro

## III. EXPLOITATION

### Vocabulaire

13. Mañanaova enrichissementn'ny volaña "nalainy" miaraka volaña aby reto:

    nangalariñy
    rôso
    lôso

14. Volaña baka kiô ampipodiana mpiofaña irô io.

15. Volaña baka kiô hazava ary ampipodiana mpiofaña volaña aby ty:

    mitory amy (fokontany, lapolisy)
    mañano plenty
    mandeha tribonaly

### Football américain

16. Mañamboarà laboly amy taratasy alohan'ny mandeha mampianatra.

17. Mañanaova boribory miaraka amy mpianatranao izikoa irômaromaro baka kiô hazavà amindrô fañanaovaña izy.

18. Atsipy amin'olo areky laboly sady mivolaña volaña areky. Manohy volaña arekiareky aby olo mahazo laboly baka ahazahoaña fehezan-teny areky.

19. Atomboha saoma io ary kindria ampiasaiñy volaña aby reto:

    very
    lôso
    rôso
    nangalariñy
    mitory

Grammaire: Pronom indéfini

20. Ampiasà fehezan-teny añaty korañan'ny motivation ty ampidirana mpisolo teña olo.

(......)nivakin'olo trañonaka aliñy iñy (........)

21. Mañameza ôhatra maromaro ampizahanao fômba fampiasaña izy io:

- Nangalarin'olo bisikiletinaka nomoaly.
- Rôson'olo patalôñanazy jiaby.
- Nivonoen'olo namako.
- Nangalatra bisikiletin'olo izy.

baka kio amia fampiasaña izy :

- leran'ny tsy hay lay olo mañano action na tompon' ny raha .

22. **Place du pronom indéfini**

Ampizaha mpianatra tany asiaña mpisolo teña io.

| | | |
|---|---|---|
| Verbes passives | -n' } | |
| Substantifs | -n' } | olo |

23. **Exercice de substitution complexe**

| | | |
|---|---|---|
| | | Nangalarin'olo bisikiletinaka aliñy iñy. |
| rôso | : | Rôson'olo bisikiletanaka aliñy iñy. |
| radio | : | Rôson'olo radiônaka aliñy iñy. |
| lôso | : | Lôson'olo radiônaka aliñy iñy. |
| traño | : | Lôson'olo trañonaka aliñy iñy. |
| nivakiñy | : | Nivakin'olo trañonaka aliñy iñy. |
| varavaraña | : | Nivakin'olo varavarañanaka aliñy iñy. |
| nangalariñy | | Nangalarin'olo varvarañanaka aliñy iñy. |

Décrire l'agression dont il a été victime

24. Volañà lahatsoratra fitaraiñana ty:

Nivakin'olo trañonaka aliñy iñy, presida, ke hañambara zeñy antony naviako aty. Rôsondrô aby rahanaka jiaby. Tôkotôkotro tamy sasakaliñy izio.

25. Hamariña fazahoaña lahatsoratra.

26. Aboaha mpiofaña volaña andesiñy mitantara raha nandalo amin-teña:

- Rôson' }olo________________(rahavery)
  Nivakin' }
- Tôkotôkotrotamy____________(lera)izio.

27. **Lecture du texte**

Vakia lahatsoratra baka kiô ampamakia koa mpiofaña ary asaiva soloandrô volaña añatiny ao.

## IV. <u>APPLICATION</u>

Amia añaran'olo mpianatra tsiaredreky añontaniandrô reto:

- Efa nisy ampangalatra teto?
- Ombiaña?
- Lera ino misy olo mangalatra?
- Nino aby raha very?
- Nandeha nitory anarô baka iô?
- Nino raha nataon'ny lapolisy?

**U.S. Department of Education**
*Office of Educational Research and Improvement (OERI)*
*National Library of Education (NLE)*
*Educational Resources Information Center (ERIC)*

ERIC
Educational Resources Information Center

# NOTICE

## Reproduction Basis

☐ This document is covered by a signed "Reproduction Release (Blanket)" form (on file within the ERIC system), encompassing all or classes of documents from its source organization and, therefore, does not require a "Specific Document" Release form.

☑ This document is Federally-funded, or carries its own permission to reproduce, or is otherwise in the public domain and, therefore, may be reproduced by ERIC without a signed Reproduction Release form (either "Specific Document" or "Blanket").

EFF-089 (5/2002)